

Tsy misy mangirana ny fiainam-bahoaka **3**  
Anjakan'ny mafia ny sehatra maro eto amin'ny firenena

Resaka fifidianana. Tsy nisy nandritra ny 60 taona **2**  
**Ministry ny fanatanjahantena mamory sefo fokontany**

# NY VALOSOA

Gazety misheho intelo isan-kerinandro  
(Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Alakamisy 7 jolay 2022

Laharana 1317

Vidiny : 500 Ar

Helian Ralison, Malagasy any ivelany **2**  
Feno ny kapoaka raha ny zavamisy eto amintsika ankehitriny

[www.gvalosoa.com](http://www.gvalosoa.com)

[gvalosoa@yahoo.com](mailto:gvalosoa@yahoo.com)

facebook : gazety valosoa rakoto

**Ny Valosoa sy Fakafaka** **2**

**Tsy mahafehy intsony ny fisondrotry ny vidin'entana ny fitondrana**



**Lalana Ankadimbahoaka-Androndrakely** **7**

**Nolavadavahana, tsy misy fanamboarana efa ho 2 volana**



**Mpiasan'ny SECREN** **7**

**Tena sahirana, 10 fanjava tsy nahazo ny karamany**



**Kaominina Ivato** **3**

**Mitohy ny ezaka fanamboarana foto-draftrasam-bahoaka**



**Angôvo** **3**

24 ora mahery tsy nisy jiro sy rano ny tany Morondava

**Betongolo** **6**

Misy hatramin'ny andro alahady ny fitsarana miaramila

**Daka kely**


Rahoviana ihany vao ho tapitra ny delestazy, toa mandainga foana ianareo ry Boaikely a !

RESAKA FIFIDIANANA. TSY NISY NANDRITRA NY 60 TAONA

## Ministry ny fanatanjahantena mamory sefo fokontany

**M**bola tsy nisy tao anatin'ny 60 taona izany ministry ny fanatanjahantena mamory sefo fokontany izany, mikasika resaka fididianana. Raha nanontaniana ireo sefompokontany dia valinteny tsotra ny valiny: resaka mikasika fididianana no natao tao ary nisy sahady ny fizarana vola, saingy tsy nanome mari-bola kosa ireo sefompokontany nanontaniana. Tato ho ato, hita matetika ato Menabe ity ministririna Tinoka Roberto ity ary efa nanavao ny mpitarika ny Mapar ato Menabe, ka isan'ny nahagaga ny maro ny nametrahany ny talem-parity ny fanabeazam-pirenena hitarika ny TGV ato Menabe, ahiana hoy ireo ray aman-drenin'ny mpianatra ny hanaovana ny fanabeazana ato Menabe ho fitaovana politika. Miahiahy koa ireo talentsekoly sy sefo Zap, ny hisian'ny ramatahara raha tsy manaraka ny baiko politika ataon'ingahy talem-paritra.

Rajepa



Ministry ny fanatanjahantena, namory sefo fokontany momba ny resaka fididianana.

Helian Ralison, Malagasy any ivelany

## Feno ny kapoaka raha ny zava-misy eto amintsika ankehitriny



Helian Ralison, Malagasy monina any an-dafy.

Nanohy ny heviny maha-kasika ny raharaha-pirenena eto an-fanindra-zana i Helian Ralison, Malagasy monina any ivelany. Aminy dia efa feno ny kapoaka ankehitriny raha ny zava-misy aty Madagasikara: "Manoloana ny fahalo-van'ny lafim-piainan'ny Malagasy ankehitriny, dia sarotra ny mbola hanamarina fahanginana na filazàna fa tsy manao politika. Satria vitsy dia vitsy ny sarangan'olona tsy voakasik'izao mianjady amin'ny vahoaka izao, eny fa na dia hitoka-monina ary eto amin'ity Nosy ity dia tsy maintsy ho traity ny fahasaratana. Ary manao fanahy iniana mitampi-maso mihitsy ka tsy ahita ny vokatry ny fahatràna amin'ny isam-batan' olona na koa eo amin'ny fiaraha-monina.

Tsy fahasahiana intsony no takiana amin'izao fa ny fahatsapàna, fa misy aina kely tavela ao anaty ao, mampiseho fa mbola tsy te ho faty. Raha satria tsy misy intsony izay hambompo farany izay dia efa mitazana mivan-

antsokosoko volamena ireny, dia efa fantatra da-holo ny anarany. Mbola misy antenaina ve ny hahatsara ny fiharin-karena eto Madagasikara, kanefa ny lalàna dia tsy miaro ny marina fa miaro ireo ao anaty fitondrana? Mbola tsy ampy ve ny tranga mampiseho fa giazan'ny ao amin'ny fitondrana ny sehatra fiharia-na rehetra, izay ahitan-tombony haingana sy betsaka?

Tsy efa mazava ve fa efa manompana ny heriny ireo mpitondra hanamafisana ny toerany sy mitady hamerina "doublons" amin'ny fididianana?

Maro ireo tranga hafa manohy ireo voalaza ireo, fa amin'izao ankatoky ny fisonrotam-bidim-pia-nana faobe izao dia vao mainka hanampy trotraka ny hirifirin'ny toetr'andro izany. Tsy ho vitan'ny fisisentoana intsony anefa ny miatrika izany. Mitaky fiovàna avy amin'ny isam-batan'olona izany, ka na eo anivon'ny fia-nakaviana, na mpiray fo-kontany, na mpiara-miasa, na mpiray fiangoanana dia

mila mijoro maneho ny tsy fanekena intsony izao famonana vahoaka izao. Miainga avy amin'ny tsirairay izany, eny fa na tsy mifandraika amin'ny toe-tsaina Malagasy aza ny fahasahiana miteny dia tokony hanao izany ho fnavotana ireo taranaka mandimby. Mitaky fivoahana amin'ny fitiavan-tena izany ary dingana lehibe fampisehoana, fa tena tia Tanindrazana ny malagasy.

Tsy mendrika ny Malagasy ny mitazam-potsiny ny fireneny hatsonika anaty fahantràna lalina. Olom-bitsy nandrombaka fahefana tamin'ny fomba mamohetra no mitondra sy tompon'andraikitra feno amin'izao fidinana andavaka izao, ka raiso ny hery raha tsy te ho levona miaraka amin'ny tahotra ny ho avinao. Koa sahia miseho ho olom-pirenena, mijoro manala ny ziogam-panandevozana vaovao raha toa tena feno tokoa ny kapoaka! " hoy ny fanehoan-kevit'ity Malagasy monina any andafy ity.

Nangonin'Isambilo

Fiaraha-miasa amin'ny any ivelany

## Nandalo an'i Morondava ny sambo 2 lehibe an'ny tafika Frantsay sy Malagasy

Ny 4 jolay tokony ho tamin'ny roa ora maraina no nigadona tao amin'ny fardranomasin'i Morondava ny sambo 2 lehibe an'ny tafika frantsay "Cham-plein" sy ny tafika Malagasy "Tselatra", izay notro-nin'ny prefet ny Moron-dava, sy ireo lehibem-pi-baikona ny fitandroana ny filaminana ato Menabe, nahitana ny avy ao amin'ny zandarimaria sy ny tafika Malagasy. Ao anatin'ny fieraha-miasan'ny tafika frantsay sy ny tafika Malagasy izao hetsika izao, izay misy ny fifanakalozana eo amin'ny tafika roa-tonta sy ny fana-mafiana ny fisafona ny

fari-dranomasina Malagasy ary ihany koa ny fmetrahana ny inter-arme Malagasy. Nivoitra nandritr'izao fandalovan'ireto sambo ireto izao, fa mila-mina ny fari-dranomasin'i Menabe, na dia misy aza ireo vaovao azo hoy ny LV Andriamanjaka dia misy ireo sambo vahiny manao fitrandrahana tsy ara-dala-ato amin'ny ranomasin'i Morondava dia tsy nahitana izany tamin'izao fisafona nataon'izy ireo izao, mety noho ny toetr'andro izay somary ratsi-ratsy tao ho ao angamba hoy izy no antony. Ny tanjona izao dia ny mba ho fierovana ny mo-

rontsiraka sy ny mba hisy fizarana traikera eo amin'ny samy tafika an-drano-masina: Malagsy sy Frantsay. Hita taratra nandritra izany, fa mbola lavitra ny ezaka ara-pitaovana ho an'ny tafika Malagasy, raha mitaha amin'ny tafika frantsay, satria raha "Tselatra" no sambon'ny tafika Malagasy lehibe indrindra dia kely sady bitika raha mitaha amin'ny "Cham-plein" sambo kely indrindra ao amin'ny tafika frantsay izay avo folo eny amin'ny "Tselatra". Isan'ny fanirian'ny maro ny mba hananan'ny faritra Menabe sambo toa an'ny sambo "Tselatra", saingy

mbola nofinofy izany na dia hita ary fa tena tokony hisy sambo, mba hampaisaina amin'ny fitandroana ny filaminana an-drano-masina ato Menabe. Sarotra ihany koa ny hanatarerahan'ity "Tselatra", sambon'ny tafika Malagasy ity ny asany, satria dia mianjona eo amin'ny fanaraha-maso sy fanganam-baoavo ihany izy ireo, satria tsy manana fahefana hisambotra, fa mianjona eo amin'ny fisavana ihany ny asan'izy ireo, ka tsy main-tsya mandefatitira dia rafitra hafa koa ny manohy ny asa miaraka amin'izy ireo.

Rajepa

Ny Valosoa sy fakafaka

## Tsy mahafehy intsony ny fisondrotry ny vidin'entana ny fitondrana

Ao anaty toe-draharaha mifamahofaho tanteraka ankehitriny ny vahoaka Malagasy, noho ny resaka sondrobidim-pia-nana, sy ny ho fiakaran'ny solika ato ho ato, na dia tsy mbola voafaritra mazava aza ny daty amin'izany. Efa mandrahona be ihany ny mpitatitra na eto an-drenivohitra sy ny manodidina na amin'ireo zotra reziônal sy ny nasiônal. Ho langilangy hidaroka ny ain-dehiben'ny sarambabem-bahoaka no mitatao amin'izao fotoana izao. Ho hatraiza ny vahaolana fanalefahana entin'ny fitondrana amin'izany ? Fitondrana mba miasa fe mba miasa no misy hitan'ny besinimaro, manoloana izany rehetra izany, fa ny fahoriam-bahoaka mitoetra eo ihany.

Tsy mitsaha-mitombo ny vidin'entana fanjifa andavanandro amin'izao fotoana izao, izay efa am-bo-lana maro no nitrangan'izany teto amin'ny firenena. Ireo vidin-tsakafo tena ilaina isan'andro mampikai-kaika ny ray aman-dreny, satria ny vidiny tamin'ny herinandro lasa efa miova indray andro vitsy aty ariana. Ary ny ho loza, na dia efa misy aza ray aman-dreny mba te-hiàla amin'ny fahasahiranana mafy amin'ny fividianana kojakojam-pianarana rehetra akaiky fidiran'ny mpianatra, ka mba mitady vahao-lana mividy mialoha izao, dia indrisy, fa efa notatazan'ny fiakaran'ny vidin'entana sahady. Io fiakarana io, ohatra toy ny kahie, dia niakatra hatrany amin'ny manodidina ny 30 % sahady izao, mainka izany re-hefa amin'ny volana aogositra na septambra. Tsy mbola niseho akory ny fiakaran'ny vidin-tsoliha dia izany no mitranga. Amin'ity lafiny fampitaovana amin'ny fianarana ity, na ny fanampiana ny ray aman-dreny ho fanamaivanana ny enta-mavesa-trany dia iaraha-mahita sy mahalala, fa kely endaka na tsy hita mazava izay hafitsoky ny fitondrana Rajoelina. Hetsika mtsitokotoko, fa tsy mahasehaka ny rehetra no hany vitany isan-taona.

Mazava loatra fa tsy ilaozan'ny fanararaotana ihany koa, no mahatonga izao fiakaram-bidy tsy mitsaha-tra eo amin'ny entana fanjifa andavanandro izao, sy ireo kojakojam-pianaran'ny mpianatra. Midika mazava ho tsy fahafehezan'izao fitondrana Rajoelina izao ny raharaha manahirana sy mamono ny vahoaka izany. Tsy manana fahaizana mitantan-dra-haraha sy ny zava-misy sarotra eto amin'ny firenena izany. Tsy atao hahagaga ihany koa anefa izany satria tsy niomana ny amin'izao ny mpitondra ankehitriny, fa may fotsiny handrombaka fitondrana sy hiaro tombontsoa. Ny manahirana, ny sarambabem-bahoaka no mibaby ny vokatry ny tsy fahaizany izay.

Sôh'son

## Ny Valosoa sy hadihady

Tsy misy mangirana ny fiaínam-bahoaka

### Anjakan'ny mafia ny sehatra maro eto amin'ny firenena

Tena tsy mazava intsony na tsy misy vola ao amin'ny kitapombolam-panjakana, ka tonga amin'ny lazaina fa tsy mahaloa vola intsony (en cessation de paiement), na ataon'izao fitondrana izao tari-drano an-kilahila ny fitantanam-bola, ka ny voahodinkodina no betsaka, ary ny tena zava-doza dia anjakan'ny mafia tanteraka ny sehatra maro eto amin'ny firenena, ka tsy misy mangirana intsony ny fiaínam-bahoaka. Ny antony mahatonga ny hametrhana ireo mety ho fototry ny tsy fahafahan'izao fitondrana izao manefa ny trova mitatao eo ambony lohany. Efa aman-taonany no vita ny fanamboaran-dàlana nataon'ireo mpandraharaha nandray an-tànanan izany kanefa dia arirariran'izao fitondrana izao amin'ny filazana, fa misy asa mbola tsy vita na mbola misy fanadihadiana atao noho ny faktiora tsy misy entana naterina, sns.... Amin'izao fotoana izao dia tsy mandray vatsim-pianarana ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony ary ailiaka amin'ny tekonolojia "digitalisation" tsy voafehy ny rihibita ka, angamba, lany nanakaramana ireo mpisehatra amin'ity teknika vaovao fandoavam-bola ity ny vola. Azo antoka anefa fa tsy maintsy misy ampahany mipitika ho an'izay nome ny asa ny tetibola natokana ho amin'izany. Vao omaly koa no nitokona ireo mpianatra ho mpitsabo (internes) satria tsy mba nisitraka ny fampiakarana ny karama 13% toy ny mpiasam-panjakana rehetra, satria angamba tsy noheverin'ny mpitontra ho anisan'ny mahazo izany izy ireo. Ny olana anefa dia ny marary na ny manana havana marary eny amin'ny toeram-pitsaboana, hopitaly na CSB, no sahirana rehefa tsy miasa ireto "internes" ireto. Ananan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka ny lisit'izy ireo ary azo antoka fa misy izany koa any amin'ny Minsiteran'ny Fitantanam-bola, ka tokony handeha ho azy ny fisondrotana. Vao ny andro faharoan'ny fanadina BEPC, ny talata lasa teo, dia nitokona tsy nety nitsara ny taratasim-panadinana ireo mpampianatra satria tsy mbola nisitraka ny tambin-karamany (vac-

tion) tamin'ny taon-dasa. Ny mampametra-panontaniana ny maro dia efa tafiditra ao amin'ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena isan-taona izany tambin-karama izany, kanefa dia nanjavona tsy fantatra tamin'ny fomba ahoana, satria tsy vao izao no nisy tranga toy izao. Orinasam-pirenena toy ireo manana ny sata mitovy aminy ny orinasa SECREN, ka bankiropitra toy ny Air Mad sy ny Sirama, nitaraina ny mpiasa ao ny herinandro lasa teo fa tsy nandray karama tato anatin'ny dimy volana. Farahidiny ny mpiasa ka tsy manambola hamidy sakafo, tsy manambola hampianarana ny zanany sy hitsaboan-tena, tsy manam-bola handoavana hofantrano, ka tsy fantatra intsony na lasa nihodina aiza indray ny vola tokony ho nandoavana ny karaman'ireto mpiasa ireto. Ka ny fanontaniana mipetraka dia misy mpanambola mety handray itony orinasa itony toy ny anaovana ny Air Mad, ka nasosoka ao ny Madagascar Airlines ve, na toy ny Jirama izay manofa "générateurs" amin'ny orinasa tsy miankina ve ? Mampanahy ihany koa ny mety halehan'ny "subvention" dimanjato miliara ariary omena ny Jirama satria tsy mazava mihitsy ny fitantanam-bolan'izao fitondrana izao. Alaim-panahy ny maro hilaza fa ny vola rehetra tokony handoavana ireo "trosa" rehetra ireo dia mety lasa any amin'ny "paradis fiscal", satria raha mivadika ny toe-draharaha dia misidina any fotsiny ny henjana rehetra satria efa manana ny vonona. Araka ny vaovao farany ary namafis'in'ny mpandraharaha iray avy any amin'ny Faritra Sava dia tena manambola ny tantsaha mpamboly lavanila mihitsy ireo manao ampihimamba, satria raha dimy arivo sy fitoalina ariary no hididianana ny iray kilao dia efa mananika ny roa tapitrisa ariary anefa no hididianan'ireo mpividy izany any Eôrôpa. Tsy mahagaga raha niakatr'afy ny solombavambahoaka voafidy tany Toamasina I momba ity resaka lavanila ity.

Andry Tsiavalona

Kaominina Ivato

### Mitohy ny ezaka fanamboarana foto-draftrasam-bahoaka



Ny ben'ny tanàna'lvato (afovoany manao solomaso), njery ny zava-bitao amin'ny fokontany K2, ao amin'ity kaominina ity.

hoakan' i Madagasikara, voafidy tao Ambohidratrimo, Johnny Rakotoari-

soa. Teo koa ny fijerena ny elakelatrano izay nahirana ny mponina, in-

drindra rehefa fotoam-pahavaratra. Vita beton tsara izany ankehitriny. Faly sy nankasitraka izany ny mponina ary mbola manantena ny hitohizan'ny asa miaraka amin'ny Ben'ny tanàna, Penji Randrianarisoa izy ireo. Ankoatra izany, nahazo jiro cobra manazava ny lalana avy amin'ny Jirama, sy ny ministeran'ny angôvo koa ny kaominina Ivato, napetraka avy hatrany koa ireo jiro fanazvana ny tanàna ireo.

Stefy

Angôvo

### 24 ora mahery tsy nisy jiro sy rano ny tany Morondava

Raha 12 ora ihany hatramin'izay ny fahatapahan'ny jiro teto amin'ny renivohitry ny faritra Menabe, tanteraka izany ny alatsinainy tamin'ny 7 ora hariva ary tsy riverina raha tsy ny talata tamin'ny 9 ora alina araky fanazvana azo moa dia lany tanteraka ny solika tao amin'ny Jirama, izay tsara ho marihina fa mbola ny Jirama ao Antsirabe no mitantana ny Jirama aty Morondava. Saharina ny

vahoaka, indrindra fa tamin'ny fitadiavana rano satria dia vitsy ihany ny manana lava-drano eto Morondava, ka feno bidon mavo eraky ny lalana handeha hitady rano. Maty antoka koa ireo mpanangona hazandrano satria tsy nisy ny glace, nitobaka eran'ny tsena ny fia (trondro), izay voatery namidy mora. Ny tompon'andraikitra tsy nisy naheanoana feo raha tsy efa nandeha ny jiro, fa izay

nanontaniana dia milaza fa miandry toromarika izay vao afaka miteny.



Feno tanàna ny bidon jaune ny alatsinainy sy talata teo tany Morondava.

Raha araky ny angombaovao azo dia efa mihindina amin'ny ampahany ilay famokarana rianaratra avy amin'ny masoandro ao Ankimony, saingy izay zakan'ny volan'ny Jirama ihany no omen'izy ireo ary tsy voaloan'ny Jirama koa ny vidin'ny angôvon'ny GES, ka izay no tsy nanomezany rianaratra tao anati'izay roa andro izay.

Rajepa

### TANORA TIM ANTANANARIVO FAHA-6

### Mikarakara Faradoboka maimaimpoana momba ny fanadinana bacc

Toy ny isan-taona amin'ny fotoam-panadinana toy izao, manomanana famerenana Faradoboka ho an'ireo hanala ny fanadinam-panjakana bakalôrea (bacc) ny Tanora TIM ao Antananarivo faha-6 Ambohimarina. Nanomboka ny alatsinainy 4 jolay 2022 izany Faradoboka Clé du BACC 2022 izany, izay maimaimpoana. Andiany faha-5 ity asa sosialy izay fanaon'ny Tanora Tim Tana VI ity, tarihan'i Lalaina Rabezanahary eny Ambohimarina isan-taona. Tanora mpianatra miisa 100 eo no misitraka izany tamin'ity taona ity.

Isambilo



Ireto tanora mpianatra, miatrika Faradoboka amin'ny fandinana bacc eny Ambohimarina.

TONONKALO

### ANTSO HO AN'NY MPANAKANTO

Miantso anao ry mpanakanto, mba meteza ho tonga saina F'efa toa kamboty isika, lavi-dray sy reny mpiahy. Ireo natao hanteherana, eny ireo izay nantenaina No indro fa mandroba anao ka mifanahin-jolahy !

Ny maha-ianao anao mihitsy no efa toa tsy asiany vidiny, Fa dia tena hoe izay tiany no tereny hotanteraha. Ampy izay ny toetra ratsiny, ampy izay ny sain'angidiny, 'Ndeha sokafy anio ny maso fa tsy jamba ianao na pahina !

Izay mba mampiray antsika no aoka harindra sy halanto, F'aza faly ny hisolelaka ka hanohana andry boboka. Olona afaka tanteraka izany atao hoe mpanakanto. Tsy mba ny olona "mpijavy", vetivety dia hijoboka !

Amin'ny maha-mpanakanto dia ny tsara no aoka hatolotra, F'aza faly hahazo vola dia hanitsaka ny namana. Zavakanto dia tsy miaraka amin'ny halatra sy tsolotra Ary koa ny mpanakanto dia tsy "bitro fanandramana" !

'Zay mba maha-malagasy no hevero sy asandrato, F'efa potika tanteraky ny resa-politika. Aoka tsy ho vilam-bava nefá tia mitari-bato, Na sokajin'ny bemolotra tia ny mampizara antsika !

IRINA HO TAFITA (02-07-22)

NY VALOSOA  
Gazety misého intelo isan-kerinando VAOVAO

Dokam-baratra

Tel. 034 79 076 00

gvalosoa@yahoo.com

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, Helisoa

Ireo tanora mpianatra hanala bacc, manaraka Faradoboka maimaimpoana, izay karakarain'ny Tanora TIM Boriboritany faha-6.



Ny fahapotehan'ny lalana Ankadimbaohoaka-Androndrakely, tsy misy fanamboarana fa nolavadavahana efa ho 2 volana izao.



# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Ireo mpiasan'ny orinasa SECREN any Antsiranana nitaraina, noho ny tsy mbola naharaisiny ny karamany 10 volana.

Antsiranana, le 22 Février 2022

**DIRECTION DES RESSOURCES HUMAINES**


N° 06 NDRH / ABN/22

**ETAT DE REMBOURSEMENT**

**S.G**

AT.	NOM ET PRENOMS	MLE	NATURE	MONTANT
75	Saïd KOUBESSY	600 196	JIRAMA mois de Novembre 2021	230 630,12
"	"	"	JIRAMA mois de Décembre 2021	185 779,16
<b>TOTAL</b>				<b>416 409,28</b>

Arrêté le présent état à la somme de :  
**Quatre Cent Seize Mille Quatre Cent Neuf Ariary Vingt et Huit.**

Le Directeur des Ressources Humaines  
  
**ABOU-BAKARY Nour El-Houdah**



Tafika an-dranomasina Frantsay sy Malagasy, nandalo tany Morondava faritra Menabe.



## FOTO-DRAFTRASA


## Mbola atao fitaovana pôtilika foana ny barazin'i Dabarà

Ntanterahana afak' omaly teto Morondava, ny atrik'asa ho fampahafantara ny vokatry ny fanadihadihana an-tsipirany, momba ny fanatsarana ny tambazotran'i Dabarà, izay novatsian'ny Formaprod vola. Nitarika izany atrik'asa izany ny misitry ny fambolea sy fompiana ary ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanantanjanahantena sady Minisitra mpiahy ny Faritra Menabe, niaraka tamin'reo manampahefana eto an-toerana, izay notarihan'ny Governora, Préfet, Solumbavambahoaka voafidy teto Morondava, nasaina manokana ihany koa ny Governoran'ny Faritra Melaky.

Ny barazin'i Dabarà dia 54Km miala an'i Morondava manaraka ny RN35 mankany Antananarivo. Ny lemak'i Dabarà kosa dia mahakasika ny kao-minina: Ampanihy, Mahabo, Ankilivalo, Analamitsivala, Bezezika ao amin'ny Distrikan'i Mahabo; Analaiava sy Bemanonga ao amin'ny distrikan'i Morondava.

Ankehitriny, 4680 ha ny lemak'a no voatondraka, tombanana ho 20000 Ha aorian'ny tetik'asa fanatsarana. Tamin'ny 1974 no natomboka ny fanorenana ny fotodraftrasa, tam'in'ny alalan'ny famatsiam-bola « fonds AFD » rehefa simban'ny cyclone Cynthia tamin'ny taona 1991 ary nanomboka teo ny olan'ny barazin'i Dabarà. Ny taona 2008 kosa ny fanatsarana ny ampanhan'ny fotodraftrasa, izay nataon'ny fanjakana tamin'ny « RPI ». Raha ny fototry ny olana hatramin'izay moa dia : -Ny tsy fahampian'ny rano : tsy ampy ny tahirindrano omen'ny sahan-driaka, indrindra amin'ny vanim-potoana main-tany (Volana Agositra). -Mifoka rano be loatra ny lemak'i Dabarà.

-Fision'ny atsanga mane-



Ny barazy sy ny lakandranon'i Dabarà.

nadihadiana ny fanarenana ny tohadrano sy ny lakan-drano voalohany, izay nivoatra tamin'izany fa afaka manondraka le-maka 12000Ha, ka mitetibidy 80 miliara Ariary ny fanarenana tamin'izany, izay tsy nisy tohiny fa dia nianona fampanantena na hatrany ny fanamboarana an'i Dabarà. Ny taona 2016 dia nisy indray ny fanatsarana ny « avant canal », niaraka tam'in'ny tetik'asa PUR-SAPS, izay tsy dia nati-na fiovana firy, fa mbola nitohy hatrany ny olana teo amin'ny rano ho an'ny tantsaha mpamboly. Ny taona 2019 indray no nisy fanatsarana ny ampanhan'ny fotodraftrasa izay nataon'ny fanjakana tamin'ny « RPI ». Raha ny fototry ny olana hatramin'izay moa dia :

-Ny tsy fahampian'ny rano :

tsy ampy ny tahirindrano omen'ny sahan-driaka, indrindra amin'ny vanim-potoana main-tany (Volana Agositra).

-Mifoka rano be loatra ny lemak'i Dabarà.

-Fision'ny atsanga mane-

nika ny fotodraftrasa rehetra, fasika eo amin'ny faritra ambonin'ny barazy, izay manakana ny fidi-ran'ny rano anatin'ny pri-se, lakandrano, fandri-pasika eo amin'ny barazy. Iretko kosa ireo olana ni-voitra tao anatin'ny fandihadihana :

Fision'ny fasika anaty kanaly, anaty ny ouvrage ka mampihena ny hadirin'ny rano zakan'ny kanaly.

Ny fahanteran'ny fotodraftrasa, sy ny tsy fahampian'ny fikojakojana (MANQUE D'ENTRETIEN).

Tsy ampy fifandaminana. Ny tsy fitsinjarana ny rano araka ny tokony ho izy (tsy fanajana ny tour d'eau, ny prise sauvage). Ny tsy fanarahana taompambolena mirindra.

Ny asa atao vokatry ny fandihadiana dia ny Barazy Dabarà, sy ireo asa fanatsarana rehetra miaraka amin'ny (CANAL SY OUVRAGE), izay mitetibidy 50 145 465 452 Ariary, eo koa ny fanorenana ny barazy Kabatomena (4m3/s), sy ny lakan-drano mirefy 10 km (7km vita beton), izay miasa isaky ny ASARA ihany, ka mitetibidy 24 245 472 978 Ariary. Hisy koa ny fanorenana ny barazy Tandila (2m3/s), sy ny avant- canal, izay miasa isaky ny ASARA ihany koa, mitetibidy 610 502 262 Ariary. Ny farany dia ny fanaovana barrage de retenue vaovao ao BE-KOPAKA, manana hadiry 180 000 000 m3, izay manampy ny rano ao DABARA mandritra ny main-tany, mitetibidy 38 957 613 897 Ariary, izany hoe

mba hahavita an'i Dabarà, izany dia mila vola 114 miliara Ariary ny fitondrana, satria dia mahatratra 113 959 054 590 ny fitambaran'ny teti-bidin'ireo asa ireo.

Na dia manome toky aza ny fitondrana dia toa mampanahy ihany ny zava-misy, satria teo aza 80 milliara tsy vita dia izao efa 115 miliara indray no ho vita, nefo iaraha-malala ny fahasahiranan'ny fitondrana amin'ny resabola amin'izao, ny olan'ny delestage tsy voavaha, ny volan'ireo mpikojakoa la-lana sy ny mpanao laiana koa mbola eo andaniny, manginy fotsiny ireo fotodraftrasa nanorenana vato fototra manerana ny nosy, saingy tsy mbola misy mihetsika noho izay tsy fananan'ny fanjakana vola izay.

Ny azo antoka dia mba hambaboana ny vahoakan'i Menabe, satria efa akaiky ny fididianana dia natao izao fanadihadiana izao, saingy hanampy ny tantaran'i Dabarà fotsiny fa mbola lavity ny afo ny kitay, hoy ny fitenenana izay, sarotra be no inoana fa hahafoy io volabé io, ho an'ny fotodraftrasa iray ho an'ny faritra iray ary ny tena mahagaga dia tsy hita ao anatin'ny PLFR 2022 akory ilay asa atao.

Rajepa

Fanompoam-pirenena

## Misy hatramin'ny alahady ny fitsarana miaramila eny

## Betongolo

Nanomboka ny alatsinainy teo, ka haharitra iray volana ny fitsarana miaramila eto Antananarivo sy ny manodidina. Isan'andro no anaovana izany fitsarana miaramila izany, misy hatramin'ny andro alahady. Tamin'ny andro voalohany, nahatratra hatramin'ny 3 000 ny tanora tonga nanatanteraka fitsarana miaramila teny Betongolo. Izay teraka ny taona 1991, ka hatramin'ny taona 2003 no afaka manao izany. Misy koa ny tranoheva nato-kana handraisana ny be-



Tanora, nitsara miaramila teny Betongolo.

vohoka sy izay manana tsy fahatomombanana ara-batana .

Maimaimpoana ny fitsarana miaramila. Karapanondro sy penina manga

no entin'izay hanatontosa izany, hoy ny tale misahana ny fanompoam-pirenena sy ny fiandry, ny Jeneraly Rasoloniriana. 52301 no nahavita fitsarana miaramila manerana an'i Madagasikara tamin'ny taon-dasa, araka ny nambarany. Manomboka amin'ny 7 Ora hatramin'ny 3 ora, ny alatsinainy hatramin'ny sabotsy ny fitsarana miaramila eny Betongolo; raha amin'ny 6 ora hatramin'ny 10 ora sy sasany izany ny alahady.

Niaina

Seho « Ndao hirevy »

## Ho ambohipihaonan'ireo feomanga

Princio, Njara Marcel & Jacquis Randria ary i Net tex. Mpanakanto samy itoeran'ny feomanga ary manana tononkira « mahitsy toraka » rakota hafatra mafonja mora takarina. Ireo no hiray sehatra, etsy Antsahamanitra, ao anatin'ny fampisehoana « Ndao hirevy », ny tolakandron'ny Alahady 17 jolay ho avy izao, hanomboka amin'ny am-pamatoran-janak'omby (03 ora folakandro), etsy Antsahamanitra.

Raha ho an'i Njara Marcel sy Jacquis Randria manokana, ity no seho goavana voalohany hisedran'izy ireo ny mpankafy eto Analamanga. Ireto mpanakanto mirahalahy ireto, izay azo ambara fa nahavita dingana lehibe ho amin'ny fahombiazana teo am-pamakivakiana ny lalan-tsarotry ny mozika.

Ny fanasongadinana ny feomangan'ireo mpanakanto, sy ny fahaizan'izy ireo mandrindra izany, amin'ny feonjavamaneno izay azo ambara ho loharano madio tsy mety ritra ahafahana migoka fahafinaretana feno, miampy ny fanatsoahana lesona amin'ny alalan'ny fihainoana ireo tononkira hanajary vatsin-dalana saro-bidy. Ireo mitambatra no anisan'ny nanosika ny mpikarakara nisafidy an'i Princio, Njara Marcel & Jacquis Randria ary i Net tex, hanafana, ny « Ndao hirevy ».

Raha fintinina, ny mahasoa sy ny mahafinaritra no hiara-dalana anatin'ny seho « Ndao hirevy ». Nampantanena seho raitra sy kanto amin'ny alalan'ny fampiasana fanamasifam-peo, jiro sy hazavana ary lampihazo manaraka ny fenitra maha matihanina rahateo ny mpi-karakara. Ho lafatra ny fiarhana !

Lalaso Razafindrakoto



Njara Marcel &amp; Jacquis Randria, vonona hanafana ny « Ndao hirevy ».

Basket Crétérium U12, 2022

## Andro faha-6 ny fifaninana anio

Andro faha-6 ny fifaninana basikety "Critérium U12, 2022" tanterahina eny amin'ny kianjan'Ankatso, anio alakamisy 07 jolay 2022.

Voka-dalao andro faha-4, talata 05 jolay 2022:

U 12 sokajy zazalahy :

(A) : Tanora 503 – Lspmbc (29-11), Mb2All – Bck (21-20), Assm – Bcest (43-41), (B) : Ascut – Jbm (23-28), Jbm – Dtsc (24-17), Dtsc – Jsb (28-23), (c) : Ebf – Asjsma (32-21), Sbc – Akbb (26-25), Asjsma – Fandrefiala (14-22), Fandrefiala – Crjs (13-38), (D) : Acmb – Ast (26-09), Cosfa – Pintade (09-19), Ffpro-Bctm – Bas (29-30), Bas – Cosfa (28-14), (E) : (E)-A2bc – Cbf (35-07), Bc 104 – Bcna (18-22), Jcba – Sepa B (13-17), Cbf – Jcba (21-22).

U 12 sokajy zazavavy :

(A) : Asf – Asjsma (14-05), Ebf – Cosfa (10-13), Asf – Sac (05-22), Crjs – Cosfa (13-07), (B) : Ast – Mb2All (22-17), Bcmm – Acmb (11-15),

(c) : Sepa 67 ha – Phoénix (10-17), Asa – Lspmbc (20-00), Bcna – Ascut (06-18), (D) : Cbbt – Bc 104 (17-08), Assm – Lucadro (13-16), Gotham – Escp (22-14).

Rainillita



Basket Critérium U12 eny Ankatso.

# Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE  
02/07/2022 hatramin'ny  
09/07/2022

- NY AINA (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- AICHA (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- RAKOTOARIVONY (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- SANTE (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- H (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65

HJRA (urgences) :  
033 11 890 58 /  
22 279 79

HOMI Soavinandriana :  
22 397 51

Hopital Befelatanana :  
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopital  
Lotera Amböhibao :  
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs  
Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :  
22 200 40

Jirama:  
Telma : (22)3547 (n° vert) /  
Airtel : 03 35 47 /  
Orange : 032 32 3547

Pompiers :  
Tél : 118 / 22 250 18/  
22 225 66

Police :  
Hôtel Central de Police :  
17 / 22 227 35 / 22 357 09

1<sup>er</sup> Arrondissement  
Tsaralalana : 22 280 54  
2<sup>me</sup> Ambanidia : 22 309 46  
3<sup>me</sup> Antaninandro : 22 291 30  
4<sup>me</sup> Isotry : 22 280 51  
5<sup>me</sup> Mahamasina : 22 280 48  
6<sup>me</sup> Ambohimanarina :  
22 225 52  
7<sup>me</sup> Ha : 22 291 29  
8<sup>me</sup> Analahahity : 22 493 25  
Brigade criminelle :  
22 216 78 / 22 210 29 /  
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao misého  
intelo  
isan-kerinandro  
Vidiny: 300 Ar  
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :  
Rahelisoa A.  
034 79 07600

## MPANAO GAZETY

**Politika:**  
Isambilo: 033 24 783 65  
Rajo: 033 80 022 53  
Andry Tsivalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**  
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**  
Aris: 034 17 460 53  
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**  
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**  
gvalosoa@yahoo.com  
NATONTAN'NY  
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1317-07-2022  
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka,  
na antsaina ampahibemaso  
raha tsy ahamoana alalana vita  
soratanana avy amin'ny  
tompony

## LALANA ANKADIMBAHOAKA-ANDRONDRAKELY

### Nolavadavahana, tsy misy fanamboarana efa ho 2 volana



Lalana nosimbaina etsy Ankadimbaohoaka-Androndrakely.

**P**otika nolavadavahana ny lalana Ankadimbaohoaka-Androndrakely amin'izao fotoana, tsy misy fanamboarana izany efa ho 2 volana. Noho izay antony izay, sahirana ireo mampiasa izany lalana izany; ny fahapotehan'io lalana io dia miteraka fitohanana lava amin'ny faritra iny, manimba fiarakodia ihany koa izany fanimbana lalana nataon'ny orinasa to-


kony hanao io lalana io, sy ny fitondrana izany, satria lavaka be tokoa no misy eny an-toerana. Amin'ny hariva sy alina no tena manimba fiarakodia izany lalana nosimbaina izany, satria tsy hitan'ireo mpitondra fiara ireo lavaka re-hefa mifanena samy mirehitra jiro iny ireo fiara mihazo izany faritra izany. Tsy mahaloa volan'olona izao fitondrana izao, ireo orinasa mpikojakoja la-

lana, tsy vitsy izy ireo no mbola tsy voaloa ny karamany, izany koa no heverina fa mampiato ny fanamboarana ity lalana Ankadimbaohoaka-Androndrakely ity, tsy te hidhi-kizo hanao izany lalana izany ny orinasa nampiandraiketany azy, ka tsy ho voaloa ny volany avy eo, antony mampikatso ny asa hatramin'izao, efa ho Maherin'ny 2 volana.

Aly

BEHARO

### Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 398



Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valliny Teny Tondro (0397)

#### Mitsivalana

- Taona – RM
- Atrika
- Nay – RN
- Tongota
- Avia (miv)
- Sainay
- Iza ? – Mino

#### Mitsangana

- Tantely
- Atao
- Orinasa
- Ny – Gia
- Mivoaka (miv)
- Tany
- RR – AN
- Manadio

## Mpiasan'ny SECREN

### Tena sahirana, 10 fanjava tsy nahazo ny karamany

Tena sahirana sy very fanahy mbola velona ireo mpiasan'ny orinasa mpanamboatra sy mpikojakoja sambo, SECREN any Antsiranana faritra Diana amin'izao fo-toana, efa 10 fanjava, na 10 volana izy ireo tsy nahazo ny karamany, hatramin'ity volana jolay 2022 ity. Ny Tale Jeneraly anefa hoy ireo mpiasa manao tanan'ilà, ka ny akaiky na ny marikitra azy dia mahazo avara-patana toy ny fanonerana na ny remboursement ny frais médicaux: saram-pitsaboana. Ny farmasia ao anivon'ny orinasa hoy ihany ireto mpiasa ireto, na fanafody toy ny paracetamol aza tsy misy. Misy koa ireo mpiasa akaiky ny tale jeneraly mahazo fanonerana na remboursement facture ny Jirama ary ny tena loza hoy ireto mpiasa mitaraina ireto dia ny fandafosana vy (ferailles) ao amin'ny orinasa, izay nomen'ny Tale Jeneraly alalana ny fanaovana izany. Voahodinkodina koa ny vola avy tamin'ny OIT nampianaranana tanora mania tao amin'ny orinasa SECREN. Mitaraina ny mpiasa ary mahatsiaro ho tsy misy mpiahy intsony.

Stef



Ny solontenan'ireo mpiasan'ny SECREN nitaraina.

#### TENY MIFANAPAKA

N° 398

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

#### Mitsivalana

1. Mpivaratra
2. Tsy lafo (miv) – Kianteny – Tsofoka
3. May azon'afao
4. Sakafon-jaza (miv)
5. Fifanarahana – Dada, Aba
6. Malot (miv) – Tsirin-teny Mpifanao
7. Anio
8. Tampsaka (miv) – Poteho amin'ny laona sy fanoto (miv)
9. Niambina – Solfa (miv)
10. Anelanelan'ny zato – Rano mandeha

#### Mitsangana

- A. Mihodin-kodina
- B. Foto-tsakafo (BL) – Fanekena – Ila, iry (miv)
- C. Savoritaka
- E. Tolorana – Lalam-pirenena (miv)
- F. Ohatra (miv) – Fandraisana anjara
- G. Marina – Ranom-bava
- H. Firinga – Simba sy rava (BR)
- I. Kamban-telo – Mpanondro
- J. Amin'ny Baiboly – Loko (BL)
- K. Tovona (miv) – Vazana – Fahita lavitra


#### Valliny Teny mifanaraka 0397

##### Mitsivalana

1. Valy – Sakay
2. Olombelona
3. La-hatra – Fo (miv)
4. Mama (miv) – Saha (miv)
5. No – Aina – In 6. Or(ara) – Ady
7. Ody – Niasa
8. TT – Soa – Nao
9. Roa – Fa
10. Akariny – Zo

##### Mitsangana

- A. Volana – Tra B. Alamo – Koto (miv)
- D. Loha – Do (miv) – AA
- E. Siramamy (miv)
- F. BT – Osy
- G. Seranana
- H. Alahady – Fy
- I. K.O – Anay (miv)
- J. Anosy – Sa
- K. Fay (miv) – Ntaolo



## NY TENY FIANANA

"Ary aoka ho ambonin'izany rehetra izany ny fitiavana, fa fehin'ny fahatanteraha na an'izany."

Kolosiana 3:14

## TARANJA KARATÉ MALAGASY

## Hisy ny Assemblée Générale Extraordinaire anio alakamisy

Tanteraka ihany enim-bolana aty aoriana ny fangatahan'ireo filohana ligin'ny karaté miisa 12 amin'ny 15 misy, izay manana olana manokana amin'ny Federasiôna Malagasin'ity taranja ity, ny hanaovana AGE « Assemblée Générale Extraordinaire ».

Etsy amin'ny Lapan'ny kolontsaina sy fanatanjantena etsy Mahamasina, no hanatanteraha na an'izany anio alakamisy 07 jolay 2022. Handrasan'ireo filohana ligy 12 ireo ny hanaovan'ny mpitantana ny FMK ny tatiitra ara-bola, sy tatiitra ara-môraly ary tatiitra ara-



Ireo mpitantana Ligin'ny karaté miisa 12 teny Mahamasina

teknika mazava, araka ny fanao amin'ny favoriambe tahaka itony ary dia ho hita eo izay ho tohin'ny raharaha avy eo. Marihana fa izao hetsika izao no tanteraka dia noho ny asa manokana na-

taon'ireo sensei miisa 5 mianadahy (Sensei Emile, sensei Voahirana, sensei Mamy, seinsei Albert ary i sensei Christian), noho ny maha-lavitra ny elanelantany izay nomen'izy ireo fahefana hisolotena azy

ireo (tamin'ny 17 january 2022 ), amin'ny resaka atao manodidina ny karaté, tao anatin'izay enim-bolana nisian'ny disadisa teo amin'ny FMK sy izy ireo izay.

Ankoatra an'io hanaovana AGE io dia fantatra, fa voaasan'ny rafitra iraisam-pirenena, handray anjara amin'ny fiadiana ny ho tompondaka erantany amin'ny karaté sokajy "Cadets" sy "Juniors" i Madagasikara, sy hiatraka ihany koa ny fiadiana ny ho tompondaka erantany hatao any Durban Afrika Atsimo amin'ny volana desambra 2022.

Rainilita

## Afrobasket U18, 2022

## Nivoaka ny anaran'ireo mpilalao Malagasy

Navoakan'ny "Direction Technique Nationale" ao amin'ny FMBB ankehitriny, ny anaran'ireo mpilalao lahy sy vavy "Préselectionnés", handrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy hiatraka ny fifaninanana basikety "Afrobasket U18, 2022".

Mpilalao zatovavavy : 1°- RA-SOLOFOSON Marion Fitia (MBC France), 2°- ANDRIAMANA David Mandresy (MB2 ALL Analamanga), 3°- RAKOTONAHARY Joanie Anyssa (MB2ALL Analamanga), 4°- RA-KOTOBE Kristina Nahitantsoa (MB2ALL Analamanga), 5°- ROSSANALY Tessah Shannon (MB2ALL Analamanga), 6°- VOLAHASINA Louise Francette (MB2ALL Analamanga), 7°- ZAFINANTENA Marie H (SEPAABM Boeny), 8°- RAMAHATRA Taratriniaina Murielle

Erica (JEAVakinankaratra), 9°- RAJOELINA Francia Andriatsiresy (JEAVakinankaratra), 10°- RASENDRARISON Salohy Fassiolathi (Ascut Atsinanana), 11°- ANDRIAMANOHSO Aline Kenya (EBF Haute Matsiatra), 12°- RAKOTONIRINA Mianjasoa Koloina Fiderana (EBF Haute Matsiatra), 13°- RAHARITIANA Chamirah Rodin (TGBC Betsiboka), 14°- CAMARA Maria (ASF Analamanga), 15°- RASOARIVELO Fideleine Lyciana (SEPA ABM Boeny), 16°- RANDRIANASOLO Harinirina Nanah (JEAVakinankaratra), 17°- ANDRIANJAFY Nomenjanahary Mihantatiana (JEAVakinankaratra), 18°- RAZAFIMAHEFA Nirina Annick Karen (JEAVakinankaratra), 19°- RASOANOMENJANA-HARY Anjatiana (LUCADRO

Analamanga), 20°- RAHARI-ARIVONY Justine Etienne (USJFM Atsimo Andrefana). Mpilalao zatovolahy : 1°- ANDRIATSARAFARA Lovasoa Ny Aina(ASCUT Atsinanana), 2°- RAKOTONAHARY Landric Donovan (MB2ALL Analamanga), 3°- RABIBISOA Jerry Pepin (COSPN Analamanga), 4°- HERITIANA Fabrizio Michael (EBF Haute Matsiatra), 5°- ANDRIANTSARASOLO Nirina Rinho (ASCUT Atsinanana), 6°- JAOZAFY Christian (JAP MADA Sava), 7°- RANDIMBIA-RIVELO Rino (SERASERA Vakinankaratra), 8°- SAMBATSY Tsifaly Ismael (AJRT Androy), 9°- TOVOLALAINA Mariano (COSPN Analamanga), 10°- MAKAN Mania Moustapha (BC EST Atsimo Andrefana), 11°- EMMANUEL Yves Victorien

Léon (ASCUT Atsinanana), 12°- TSIHINDINY Laurent Ta-hintsoa O'Neal (EBF Haute Matsiatra), 13°- RAOBISAONA Tokiniaina Mihaja (FANDREFIALA Analamanga), 14°- TINDRISOA Joany Angelot (SBBF Alaotra Mangoro), 15°- BERICHARD (ASA Analamanga), 16°- MIRANDO Leva (AMB-HOOPS Betsiboka), 17°- INDRAMIHAJA Joyce Donatien Arsolo (BCO Boeny), 18°- RADISON Harilava Mandresy (FANDREFIALA Analamanga), 19°- RAZANAMANAMPY Alex Tojoanà (ASBM Fitovinany), 20°- M'MADI Mathias (GRAND CHALON France), 21°- RAHARINAIVO Zoherimalala Davida (NEW WORLD ACADEMIC Usa).

Rainilita

## Asief section Pétanque Analamanga

## Etsy Ampefiloha no hatao ny Championnat régional triplette 2022

Etsy amin'ny kianja "Boulobrôme Piste du Terrain Ans Ampefiloha" no hatao, amin'ny sabotsy 09 jolay 2022 ho avy izao, ny fifaninanana Tsipy kantibe "Championnat régional triplette 2022", natokana ho an'ny mpiasam-panjaka mivondrona amin'ny Asief eto Ana-

lamanga. Nambaran'ireo tompon' andraikitra ao amin'ity rafitra ity, fa amin'ny andron'ny zoma 08 jolay 2022 amin'ny 12ora alina, no mifarana ny fisoratana anarana, ho an'izay tehandray anjara amin'ny fifaninanana, ka handovalana mise 15 000 Ar isa-

ky ny ekipa hatao ao amin'ny FB ny section Pétanque Asief Analamanga, na amin'ireo laharana telefaonina an'ny tompon'andraikitra (034 20 102 05; 032 81 331 71; 034 09 048 27) no hanatanteraha an'izany. Ho tolorana amboara sy « 3 lots » ireo mitana ny la-

harana voalohany ary samy ho tolorana « lots » tsirairay avy kosa, ireo ekipa mitana ny laharana faha-2 sy faha-3 ary faha-4.

Hanomboka amin'ny 09 ora maraina ny fanipazana ny « bouchon » voalohany.

Rainilita

## Taranja Pancra

## Ho tanterahina amin'ny alahady izao ny Open d'Analamanga

Nanambara ry zareo eo anivon'ny ligin'Analamanga eo amin'ny taranja Pancra tarihan'ny filohany, Zafindranavao Mely, fa amin'ny alahady 10 jolay 2022 ho avy izao, no hanatanteraha an'ilay hetsika "Open d'Analamanga" eo amin'ity taranja ity, raha

saika natao tamin'ny 12 jona 2022 lasa teo, tetsy amin'ny kianja mitafoni'i Besarety. Mbola ao amin'ity toerana ity hatrany no hanatanteraha azy ireo ary "Combats" manodidina ny 40 isa, no ho harahina misesesy amin'izany. Avy amina klioba 6 misy

eto Analamanga ireo mpietroka hifaninana. Marihana fa ny amin'ity hetsika ity dia ny mba hahazoana manatsara ny traikera efa ananan'ireo "Combattants" eto amintsika, sady efa fanomana ihany koa ny "Combats internationaux" hikat-

hana amin-dry zareo Réunionais any Antsirabe amin'ny 31 jolay ho avy izao (Ny lalao miverina dia ho tontosaina any La Réunion amin'ny volana septambra 2022).

Rainilita

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy korzety indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao rondrony izany, na atao ketsaketsa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ny soa azo avy amin'ny beroberoka

Ny soa azo avy amin'ny beroberoka indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tsy rehefa marary ihany vao mampiasa azy na vao misotro ny ranony na manao dite azy, fa afaka hohanin'olona salama ihany koa ny beroberoka. Ireo tombontsoa azo avy amin'ny fisotroana azy:



Misy Vitamines A, C, K , E, B , acide folique , calcium , fer , magnésium, potassium ,....

Antioxydant, na miaro amin'ny fahantaran'ny sela.

Anti- inflammation, miady amin'ny fanaintainana.

Tsara ho an'ny olona diabetika, mampilamina tahana siramamy. Mampidina tahana cholesterol, mampidina tosi-drâ ambony.

Tsara ho an'ny aty, manala tavy.

Miady amin'ny aretina Cancer, na homamadiadana.

Manampy amin'ny fandevonan-kanina , tsara ho an'ny olona mitohana.

Mampatanjaka ny hery fiarovana.

Tsara ho an'ny hoditra .

Tsara ho an'ny taolana.

Afaka atao dite, sotroina tsy asiana siramamy izy.

Afaka atao toy ny confiture ireny ( maka ilay felany mavo iny, ilay mbola mando ). Atao anaty vilany, asiana rano dia avela mangotraka , kikisana ny voasary na citron dia atao ao ilay hodiny voakiky iny , avy eo atao ao ilay ranona voasary na citron iny avela angotra 5min dia esorina amin'ny afo , rehefa mangatsiaka dia asiana tantely atao betsaka ary atao anaty bocale avy eo azo tehirizina iny.

Afaka atao maina ihany koa ilay felany , raviny , tahony, iny dia tehirizina, avy eo atao dite, na ampangotrahana.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Tanambao Besakay, distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Tanambao Besakay, distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tanambao Besakay ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Any afovoany andrefan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Avo toerana ity tanàna ity satra 1018 m ny haavony mohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny sakay amin'izay maha-be sakay azy izay.

